Avelao izay mampiahiahy anao ka mankanesa any amin'izay tsy mampisalasala anao, satria ny fahamarinana dia fitoniana, ary ny lainga dia fisalasalana

Tatitra azo avy tamin'i Abo Al-Haora Al-Saadi nilaza hoe : Hoy aho tamin'i Hasan bin Ali (R.A) : “Inona no mba tadidinao avy tamin’ny irak’Allah (S.A.W)? namaly izy hoe : Ny zavatra tadidiko avy tamin'ny Irak'Allah (S.A.W) dia ny hoe : "Avelao izay mampiahiahy anao ka mankanesa any amin'izay tsy mampisalasala anao, satria ny fahamarinana dia fitoniana, ary ny lainga dia fisalasalana."

[Mari-pototra] [رواه الترمذي والنسائي وأحمد]

Nandidy ny Mpaminany (S.A.W) mba hialana amin'ny teny sy ny asa izay misy fisalasalana ny amin'ny hoe voarara na tsia azy, na koa hoe: voarara ve sa azo atao, ka mandeha any amin'ny tsy mmpisalasala momba azy, izay azonareo antoka fa tsara sy azo atao izany, satria miankina aminizay mampitony ny fo, ary izay mampisy fisalasalana dia mampitebiteby sy mampatery ny fo.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/4564